



PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

PROJET DE LOI N° 017 / 2020 LOI RELATIVE A LA POLITIQUE CULTURELLE NATIONALE

EXPOSE DES MOTIFS

Compte tenu de l'évolution des nouvelles technologies et de la mondialisation qui avance à grands pas, il est indispensable de conserver les traits distinctifs, spirituels et matériels, intellectuels et affectifs caractérisant la société malagasy. La protection de cet héritage culturel englobant, les arts, les modes de vie, les valeurs, les traditions et les croyances doit être encadrée à travers une politique culturelle nationale.

Pour le cas de Madagascar, après une quinzaine d'années de la promulgation de la loi n°2005-006 du 22 août 2005 portant politique culturelle nationale pour un développement socio-économique qui était la première législation en la matière, force est de constater un mouvement de dépérissement de la culture malagasy et du respect des biens culturels malagasy.

D'ailleurs, le Préambule de la Constitution du 11 décembre 2010 a affirmé selon ses termes la nécessité pour la société malagasy de retrouver son originalité, son authenticité et sa malgachéité, et de s'inscrire dans la modernité du millénaire tout en conservant ses valeurs et principes fondamentaux traditionnels basés sur le *fanahy malagasy* qui comprend « *ny fitiavana, ny fihavanana, ny fifanajàna, ny fitandroana ny aina* ».

Aussi, il s'avère incontournable de définir une nouvelle orientation de la politique culturelle nationale. Pour ce faire, une démarche inclusive a été adoptée par l'organisation d'une assise relative à l'élaboration d'une nouvelle politique culturelle nationale qui s'est tenue le mois de février 2020. Les parties prenantes ont été régulièrement consultées.

A ce titre, la présente loi entend présenter de manière concise les nouvelles visions et les stratégies de pilotage des activités culturelles et artistiques.

Les innovations majeures apportées par cette loi peuvent être identifiées comme suit :

1. La reconnaissance et le respect du pluralisme culturel, facteur du développement socio-économique. Puisque le patrimoine culturel est la mémoire du peuple, sa sauvegarde, sa conservation, sa protection, et sa valorisation constituent le fondement de l'affirmation des identités culturelles qui conditionnent tout développement véritable.
2. La reconnaissance du « *Fonds National Culturel* » dont la finalité est de permettre une meilleure gestion du patrimoine culturel du pays. La situation actuelle ne permet pas de mener à bien les actions de promotion artistique et culturelle ainsi que la réhabilitation, la conservation, la sauvegarde et la protection du patrimoine national. Il

en résulte que des travaux de recensement, d'études de faisabilité technique, des enquêtes historiques approfondies sur les sites et monuments seront programmés.

3. La définition du rôle des intervenants dans la politique culturelle nationale ;
4. L'organisation d'un festival culturel national et/ou régional et l'institutionnalisation d'une journée nationale de la Culture ;
5. L'institutionnalisation de l'action communautaire dénommée « TAGNAMARO » dont les répercussions ont été palpables au cours de la première année de sa mise en œuvre tant pour les citoyens que pour les infrastructures en état de délabrement.
6. La présentation de manière diagonale des grandes lignes de la nouvelle Politique Culturelle Nationale. Il s'agit d'une des lacunes constatées dans la législation antérieure qui n'augure aucune stratégie de pilotage ou de conduite de la politique culturelle. En effet, une politique publique, en l'occurrence la politique culturelle, doit être la traduction de plusieurs stratégies harmonisées et complémentaires afin d'atteindre les objectifs qui y sont fixés.

Substantiellement, la présente loi relative à la Politique Culturelle nationale comprend quatre Titres :

- Le Titre premier traite des dispositions générales sur la Politique Culturelle Nationale : il y est exposé les définitions, champ d'application, les principes généraux, et le Fonds National Culturel ;
- Le Titre II porte sur les objectifs et la responsabilité des acteurs de la Politique Culturelle Nationale : il y est énoncé les objectifs globaux, les objectifs spécifiques, les rôles des intervenants dans la mise en œuvre de la Politique Culturelle Nationale ;
- Le Titre III définit les stratégies culturelles de la nouvelle Politique Culturelle Nationale : il se rapporte aux actions et démarches projetées dans chaque domaine de la vie culturelle ;
- Le Titre IV concerne les dispositions diverses et finales : eu égard aux innovations introduites par la présente loi, un délai raisonnable est accordé aux textes en vigueur pour leur modification éventuelle. Cette modification touche principalement les autorités administratives chargées de la mise en œuvre de la présente loi.

Tel est l'objet de la présente loi.





FIADIDIANA NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 017 / 2020

MIKASIKA NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY KOLONTSAINA

FILAZANA NY ANTONANTONY

Efa hita fototra ny fivoaran'ny teknolojia maoderina sy ny fihazakazahan'ny fanatontoloana; tena ilaina noho izany ny fikajiana ny toetra mampiavaka, taratra amin'ny ara-panahy sy ara-pitaovana, ara-tsaina sy fihetseham-po mamaritra ny fiarahamonina malagasy. Ny fiarovana ny lova sy ny harembakoka izay ahitana ny zavakanto, ny fomba fiaina, ny soatoavina, ny fomba amam-panao nentim-paharazana sy ny finoana dia tokony hofehezina amin'ny alalan'ny fametrahana Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina.

Ho an'i Madagasikara, taorian'ny dimy ambin'ny folo taona namoahana hampanan-kery ny lalàna laharana faha-2005-006 tamin'ny 22 aogositra 2005 mahakasika ny Politika momba ny Kolontsaina eto amin'ny firenena ho amin'ny fampandrosoana ara-tsosialy sy aratoekarena izay lalàna voalohany nifehezana izany, dia hita sy tsapa hatrany ny fahapotehan'ny kolontsaina malagasy sy ny tsy fanajana ireo harembakoka malagasy.

Ankoatra izay, ny savaranonandon'ny Lalampanorenana tamin'ny 11 desambra 2010 dia manamafy fa tokony hiverina amin'izay niandohany ny fiarahamonina Malagasy, amin'ny maha izy azyary hidirana amin'ny rafi-baovaon'izao taonarivo izao. Izany dia mba hitahirizina ny soatoavina sy ny foto-kevitra nentim-paharazana mifototra amin'ny fanahy malagasy ahitana "*ny fitiavana, ny fihavanana, ny fifanajàna, ny fitandroana ny aina*".

Araka izany dia tsy azo ihodivirana ny tokony hamaritana Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina vaovao. Koa natao ny dingana miatyizay nikarakarana fihonam-be ho fanavaozana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsainatamin'ny volana Febroary 2020. Taorian'io dia nisy hatrany ny fakan-kevitra tamin'ireo mpiantsehatra

Izao lalàna izao dia mampiseho amin'ny ambangovangony ny firafitr'ireo vina sy paikady hitantanana ny sahanasa ara-kolontsaina sy ara-javakanto.

Ireto avy ny fanavaozana lehibe entin'ity lalàna ity:

1. Ny fankatoavana sy fanajana ny kolontsaina marolafy, fototra iorenan'ny fivoarana ara-kolontsaina sy ara-piarahamonina. Satria ny harembakoka dia tsiahy ho an'ny vahoaka ka ny fiarovana, fikajiana, fanomezan-danja izany dia fototry ny fanamafisana ny maha izy ara-kolontsaina hahafahana mametraka ny fandrosoana tena izy ;
2. Ny fanekena ny fisian'ny « *Tahirimbolam-pirenena momba ny Kolontsaina* » izay mikendry ny fahaiza-mitantana ny harembakoka. Ny zava-misy amin'izao dia tsy hahafahana manatanteraka araka ny tokony ho izy ireo hetsika fampiroboroboana ny kolontsaina sy ny lafiny ara-javakanto ary ny fanarenana, fikajiana, fiarovana ny harembako-pirenena. Hisy noho izany ny asa fanangonana, ny asa fandinihina ara-

teknikan'ny fahafaha-manarina, ny fanadihadiana lalina ara-tantara amin'ireo toerana sy foto-drafitrasa ;

3. Ny famaritana ny andraikity ny mpisehatra rehetra amin'ny fanatanterahana izao Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina izao ;
4. Ny fikarakarana ny seho goavana ara-kolontsaina sy ny fanokanana ny andron'ny kolontsaina ;
5. Ny fametrahana ny hetsiky ny olom-pirenena antsoina hoe "Tagnamaro" hanomezana hasina ny soatoavina malagasy ho amin'ny soa iombonana ;
6. Ny filazana amin'ny ambangovangony ireo teboka lehibe hitantanana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina: Isan'ireo fahabangana tsapa tamin'ny lalàna teo aloha ny tsy fisian'ny paikady hitondrana ny politika momba ny kolontsaina. Raha ny tokony ho izy, ny Politikam-pirenena iray dia tokony ho fitaratry ny paikady mifanaraka sy mifanohana mba hanatratrarana tanjona izay apetraka.

Izao lalàna mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina izao dia misy lohateny efatra :

- Ny Lohateny voalohany momba ireo fepetra ankapobe mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia ahitana ny famaritana, ny sehatra fampiharana, ny feni-kevitra ankapobe, sy ny Tahirimbolam-pirenena momba ny Kolontsaina ;
- Ny Lohateny II mahakasika ny tanjona sy andraikity ny mpisehatra. Resahana amin'izany ireo tanjona ankapobe, ireo tanjona manokana, ireo andraikity ny mpisehatra amin'ny fanatanterahana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina ;
- Ny Lohateny III mamaritra ireo paikady mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina. Mivoitra ao ireo hetsika vinaniana amin'ireo lafiny rehetra mikasika ny tontolo ara-kolontsaina ;
- Ny Lohateny IV milaza ireo fepetra samihafa sy famaranana. Ho fampiharana ny fanovana entin'ity lalàna ity, ny fanovana ny rijan-teny manan-kery dia atao anatin'ny fe-potoana tokony ho izy. Izany fanovana izany dia mikasika indrindra ny sampandraharaham-panjakana voakasiky ny fampiharana ity Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina ity.

Izany no anton'izao lalàna izao.





REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**VOLAVOLAN-DALANA
LAHARANA FAHA- 017 / 2020
MIKASIKA NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA
NY KOLONTSAINA**

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no nandany tamin'ny fivoriana nataony avy tamin'ny ----- sy tamin'ny --- ----- ;

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny fanapahana laharana faha --/HCC/D3 tamin'ny-----navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ;

**DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY
LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININY:**

**LOHATENY VOALOHANY
FEPETRA ANKAPOBE**

Andininy voalohany Ity lalàna ity dia mamaritra ireo fitsipika sy fepetra iankinan'ny Politikampirenena momba ny Kolontsaina ho fikajiana, fampiroboroboana, ary fanomezan-danja ny lova ara-kolontsain'ny Malagasy ao anatin'ny fanarahana ny fivoarana entin'izao taonarivo izao ombam-panajana ny soatoavina ara-kolontsaina Malagasy.

**TOKO VOALOHANY
FAMARITANA SY SEHA-PAMPIHARANA**

**Sokajy voalohany
Famaritana**

Andininy 2.- Amin'ny hevitra mifamatotra amin'ity lalàna ity, ny teny manaraka etoana dia faritana toy izao :

- **Kolontsaina** : *fitambaran'ireo toetra*



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

**PROJET DE LOI N° 017 / 2020
RELATIVE A LA POLITIQUE CULTURELLE
NATIONALE**

L'Assemblée Nationale et le Sénat ont adopté en leurs séances plénières respectives du ----- et du ----- ;

LE PRÉSIDENT DE LA RÉPUBLIQUE,

Vu la Constitution ;

Vu la Décision n° --/HCC/D3 du ----- de la Haute Cour Constitutionnelle ;

PROMULGUE LA LOI DONT LA TENEUR SUIT :

**TITRE PREMIER
DISPOSITIONS GENERALES**

Article premier. - La présente loi définit les règles relatives à la Politique Culturelle Nationale en vue de sauvegarder, promouvoir, et valoriser l'héritage culturel de la société malagasy tout en s'inscrivant dans la modernité du millénaire, dans le respect de la valeur culturelle malagasy.

**CHAPITRE PREMIER
DÉFINITION ET CHAMP D'APPLICATION**

**Section première
Définition**

Article 2.- Au sens de la présente loi, on entend par :

- **Culture** : l'ensemble des traits distinctifs,

mampivavaka, ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina sy ara-pihetseham-po, mamaritra ny fiarahamonina na vondron'olona, ary ihany koa mahafaoka ny zavakanto sy ny soratra, ny fomba fiaina, ny fiheverana ny zo fototra maha olona, ny rafitry ny soatoavina, ny fomba nentim-paharazana ary ny finoana ;

- **Maha izy ara-kolontsaina :** *fitambaran'ireo soatoavina manokana manoritsoritra ny maha Malagasy ;*
- **Harembakoka :** *fitambaran'ireo fananana ara-kolontsaina, ahitana ireo fananana mifaka sy tsy mifaka, na tsy azo tsapain-tanana, toy ny fanehoana ambava, sehokanto an-tsehatra, ireo fomban-drazana sy fanao, fandinihana ny voahary sy ny tontolo, fahaiza-manao mifaningotra amin'ny asa tanana nentim-paharazana ;*
- **Harembako-pirenena :** *harembakoka voasoratra na voasokajy ara-panjakana ;*
- **Harembako-pirenena voasoratra :** *fitambaran'ireo fananana izay neken'ny Fanjakana fa manana ny lanjany manokana ka nosoratana tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Kolontsaina ;*
- **Harembako-pirenena voasokajy :** *fitambaran'ireo fananana izay neken'ny Fanjakana fa sarobidy ka nankatoavina ho fananan'ny firenena ary nosokajiana tamin'ny alalan'ny didim-panjakana noraisina tamin'ny Filankevitry ny Minisitra ;*
- **Matihanina amin'ny kolontsaina :** *ireo manao asa mifandray amin'ny kolontsaina ho foto-pivelomana ;*
- **Politika momba ny kolontsaina :** *vina ampiasain'ny fahefam-panjakana mba hanomezan-danja sy hiarovana ireo toetra mampivavaka ny fiarahamonina malagasy, ireo soatoavina sy ireo fomban-drazana ary ny finoana ;*
- **Fanehoana ara-kolontsaina :** *hevitra fonosin'ny kolontsaina ;*

spirituels et matériels, intellectuels et affectifs caractérisant une société ou un groupe social englobant, outre les arts et les lettres, les modes de vie, les droits fondamentaux de l'être humain, les systèmes de valeurs, les traditions et les croyances ;

- **Identité culturelle :** l'ensemble des valeurs spécifiques qui caractérisent les malagasy ;

- **Patrimoine :** l'ensemble des biens culturels renfermant notamment les biens immobiliers et mobiliers, ou immatériels tels que les expressions orales, les styles, les traditions et les pratiques, l'étude de l'environnement, les savoir-faire traditionnels ;

- **Patrimoine national :** les patrimoines culturels classés ou inscrits ;

- **Patrimoine national inscrit :** l'ensemble des biens dont l'Etat reconnaît une valeur particulière par l'effet de son inscription par arrêté du Ministre en charge de la Culture ;

- **Patrimoine national classé :** l'ensemble des biens dont l'État reconnaît une valeur nationale indéniable par l'effet de son classement décidé par décret en Conseil des Ministres ;

- **Professionnel de la culture :** celui qui exerce des activités culturelles comme source de revenus ;

- **Politique culturelle :** l'instrument utilisé par le pouvoir public pour valoriser et protéger les traits distinctifs de la société malagasy, ses systèmes de valeurs, ses traditions et ses croyances ;

- **Expression culturelle :** les représentations qui résultent de la créativité culturelle ;

- **Orinasa ara-kolontsaina** : sehatra mamokatra sy manaparitaka fananana ara-kolontsaina ;
- **Sehatrasa ara-kolontsaina** : fitambaran'ireo sokajin'asa mivoy ny kolontsaina izay mampivoatra ny toekarena sy ny fiarahamonina ;
- **Vakiteny ho an'ny daholobe** : fitambaran'ireo hetsika mampiroborobo ny kolontsain'ny boky sy ny vaky boky, ny asa soratra, ny fanehoana an-tsary ary ny kajimirindra tanterahin'ireo toerana fitahirizam-boky ;
- **Zon'ny mpamorona** : zo ara-tsaina sy ara-pananana izay ahafahan'ny tompon'ny zavakanto iray mizakamanana amin'ny fanaparahana sy fitrandrahana ny kanto noforoniny ;
- **Mpanangona rakitry ny ela** : ireo izay mamory fitaovana, fanaka, haingotrano manana lanja ara-tantara, ara-tsiantifika, na ara-kolontsaina ;
- **Mpamory zava-kanto tranainy** : ireo izay manangona, manarina, mividy ary mivarotra ireo zavatra taloha :sangan'asa, fitaovana, fanaka, haingotrano ;
- **Fiahiana:** fiantohana ara-môraly omen'olona na fikambanana mandritra ny hetsika fankalazana ara-kolontsaina ;
- **Fanampiana haikanto** : fanampiana ara-bola na fampitaovana tsy misy tamberiny mivantana izay ataon'olona na vondron'olona ho fanampiana ny sehatra ara-kolontsaina ;
- **Fanoahanana hetsika:** Fiantohana ara-bola na fampitaovana ataon'olona na fikambanana amin'ny seho ara-kolontsaina mba hahazoana tombony mivantana na an-kolaka.

Sokajy 2

Sehatra ampiharana

Andininy 3.- Ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia mamaritra ireto sehatra manaraka ireto, ary tsy voafetra ny fitanisana izany :

1. Ny fanaovan-dalàna sy fampanarahan-

- **Industries culturelles** : les entreprises produisant et distribuant des biens ou services culturels ;

- **Secteur culturel** : l'ensemble des activités œuvrant dans la culture pour le développement économique et social ;

- **Lecture publique** : l'ensemble des actions destinées à promouvoir la culture du livre et de la lecture, de l'écrit, de l'image et du numérique, conduites par les bibliothèques et les Médiathèques ;

- **Droits d'auteur** : droits moraux et patrimoniaux en vertu desquels le propriétaire d'une œuvre est le seul à avoir le droit de divulguer et d'exploiter son œuvre ;

- **Antiquaire** : celui qui collectionne des objets, des meubles, des bibelots ayant une valeur historique, scientifique et culturelle ;

- **Collectionneur** : celui qui réunit, restaure, acquiert et revend des objets anciens : œuvres, matériels, meubles et bibelots ;

- **Parrainage** : la caution morale accordée par une personne physique ou morale à un évènement culturel ;

- **Mécénat** : un soutien financier ou matériel, sans contrepartie directe, qu'apporte une personne physique ou morale à des activités dans le secteur culturel ;

- **Sponsoring** : le soutien financier ou matériel apporté par une personne physique ou morale aux actions culturelles en vue d'en tirer un bénéfice direct ou un surcroît de notoriété.

Section 2

Champ d'application

Article 3.- La Politique Culturelle Nationale couvre les domaines suivants, sans que cette énumération soit limitative :

1. La réglementation et la régulation des

dalàna ireo seha-pihariana ara-kolontsaina, sy ny fizakamanana mikasika ny haisoratra sy ny zavakanto ;

2. Ny fanaovan-dalàna momba ny fikajiana, fiarovana ary fanomezan-danja ny harembako-pirenena sy ireo voasoratra ao amin'ny lisitry ny harembakoka iraisan'izao tontolo izao ;
3. Ny fanamafisana ny toeran'ny kolontsaina amin'ireo fandaharanasam-pampandrosoana
4. Ny fandaminana sy ny fitantanana ary ny fampiroboroana ireo hetsika ara-kolontsaina sy ireo hetsiky ny olompirenena.

TOKO II

FENI-KEVITRA ANKAPOBE

Andininy 4. Sokajiana ho laharam-pahamehana ho an'ny firenena ny fiarovana sy ny fikajiana ny kolontsaina malagasy.

Ny Fanjakana no miantoka, miaraka amin'ny fanohanana ireo olona miankina na tsy miankina amin'ny Fanjakana, olona na fikambanana, teratany na vahiny, ny fampiroboroana sy fanomezan-danja ny harembako-pirenena.

Andininy 5- Ny fahafaha-misitrika ny kolontsaina dia zo raikitra tsy azo foanana, tsy azo amidy, tsy azo ovaina. Anisan'ireo zo fototra maha olona izay mameno ny fivelarana feno ara-batana, ara-tsaina, sy ara-moraly ho an'ny isam-batan'olona izany.

Manana zo sy adidy handray anjara amin'ny fiainana ara-kolontsain'ny fiarahamonina ny tsirairay, izay fehezin'ny fanajana ny fomba amampanao sy ny kolontsain'ny hafa.

Andininy 6.- Ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia mifototra amin'ny fanekena sy fanajana ireo soatoavina nentim-paharazana malagasy.

Andininy 7.- Ny olompirenena tsy ankanavaka dia tokony hanaiky ny fahasamihafana ara-kolontsaina.

Ny fanekena ny fahasamihafana ara-kolontsaina dia tsy tokony hanohintohina ny mahairay tsy azo

secteurs d'activités culturelles et des droits de la propriété littéraire et artistique ;

2. La réglementation de la conservation, de la protection et de la valorisation du patrimoine national ainsi que des biens inscrits sur la liste du patrimoine mondial ;

3. Le renforcement de la place de la culture dans tout programme d'action pour le développement;

4. L'organisation, la gestion et la promotion des manifestations culturelles et des actions citoyennes.

CHAPITRE II

PRINCIPES GÉNÉRAUX

Article 4.- La sauvegarde et la protection de la culture malagasy constituent une priorité nationale.

L'État assure, avec le concours de toutes personnes publiques ou privées, physiques ou morales, étrangères ou nationales, la promotion et la valorisation du patrimoine national.

Article 5.- L'accès à la culture est un droit imprescriptible, inaliénable et inaltérable, partie intégrante des droits de l'homme, qui concourt au plein épanouissement physique, intellectuel et moral de chaque individu.

À cet effet, tout individu a le droit et le devoir de participer à la vie culturelle de la communauté sous réserve du respect des us et coutumes et de la culture d'autrui.

Article 6.- La Politique Culturelle Nationale est fondée sur la reconnaissance et le respect des valeurs traditionnelles Malagasy.

Article 7.- Tout citoyen doit reconnaître la diversité culturelle.

En aucun cas, cette reconnaissance de la diversité culturelle ne peut porter atteinte à l'intégrité du

anombinana ny tanim-pirenena, ny fiandrianam-pirenena, ny sata maha repoblika tokana sy laika.

Andininy 8.- Ity lalàna ity dia manandratra ireo asa famoronana ara-javakanto sy ara-kolontsaina rehetra.

Ny olompirenena tsirairay dia manana fahafahana hamorona ary hisitraka ny tombony azo avy amin'izany.

Ampirisihina ny olompirenena amin'ny fandraisana anjara tsy itadiavan-tombontsoa na amin'ny fanampiana haikanto, amin'ny fiahiana, ary amin'ny fanohanana hetsika.

Andininy 9.- Ny Fanjakana dia mampirisika amin'ny fanomezana fankasitrahana manokana ny mpanakanto, ny mpisehatra ara-kolontsaina, ireo fikambanana tsy miankina, ary ireo olona nandray anjara ka mendrika teo amin'ny fampiroboroboana ny zavakanto sy ny kolontsaina malagasy.

Andininy 10.- Ny Fanjakana dia mikendry ny hahatonga ho matihanina ireo asa ara-kolontsaina sy ara-javakanto ary ny hampivoatra ireo fandraharahana ara-kolontsaina.

TOKO III

NY AMIN'NY TAHIRIMBOLAM-PIRENENA MOMBA NY KOLONTSAINA

Andininy 11.- Ny Tahirimbolam-pirenena momba ny Kolontsaina izay miorina ao amin'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina dia miandraikitra ny famoriana ireo loharanombola avy amin'ny kolontsaina sy harembakoka, ny fanampiana amin'ny fanarenana sy fikajiana ireo toerana miavaka ara-kolontsaina ary ireo hestika fampiroboroboana sy fampandrosoana ny kolontsaina Malagasy.

territoire, à la souveraineté nationale, au caractère unitaire, républicain et laïc de la République.

Article 8.- La présente loi promeut toutes les formes d'initiatives artistiques et culturelles créatrices.

Tout citoyen dispose de la liberté de création et de jouir des bienfaits qui en résultent.

Tout citoyen est encouragé à soutenir les actions culturelles soit de manière désintéressée soit par le mécénat ou le parrainage ou le sponsoring.

Article 9.- L'Etat encourage l'excellence en matière culturelle par l'attribution d'une récompense particulière aux artistes, aux acteurs culturels, aux organismes privés et à toute personne qui ont contribué singulièrement au développement des arts et de la culture malagasy.

Article 10.- L'Etat œuvre pour la professionnalisation des métiers dans le domaine artistique et culturel ainsi que pour la promotion de l'entrepreneuriat culturel.

CHAPITRE III

DU FONDS NATIONAL CULTUREL

Article 11.- Le Fonds National Culturel placé auprès du Ministère en charge de la Culture est chargé de collecter toutes les ressources culturelles et patrimoniales, de contribuer à la réhabilitation et à la conservation des sites culturels ainsi qu'aux actions de promotion et de développement de la culture malagasy.

LOHATENY II

TANJONA SY ANDRAIKITRY NY MPISEHATRA

TOKO VOALOHANY

TANJON'NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY KOLONTSAINA

Sokajy voalohany

Ireo tanjona ankapobe

Andininy 12.- Ny Politikan'ny kolontsaina dia miantoka ny fiarovana ny harembakoka manerana ny Nosy sy hahamatihanina ny sehatry ny zavakanto sy ny kolontsaina ka hahatonga azy ho ivon'ny fampivoarana ny toekarena sy ny fiarahamonina.

Andininy 13.- Ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina, dia mikendry ny :

1. Fampiroboroana ny kolontsaina mba hahatonga ny olompirenena Malagasy rehetra ho olompirenena vanona, mpisehatra mahomby amin'ny fampandrosoana, amin'ny alalan'ny fandrafetana ao aminy ny soatoavina ironan'ny kolontsaina, ny toetsaina manandratra ny asa sy ny ezaky ny tsirairay, ny fahamendrehana, ny fahatokisantenana, ny fananana hambo ho an'ny firenena sy ny fitiavan-tanindrazana, ary ny fahaizamamorona ;
2. Fananganana fiarahamonina mirindra sy mihary harena iarahan'ny Malagasy tokana ao anatin'ny fahasimahafana;
3. Fampiroboroana an'i Madagasikara ho fitaratra ara-kolontsaina ;
4. Fiantohana araka izay azo atao amin'ireo tetikasam-pamatsiam-bola hifanindrandalana amin'ny fiarovana sy fikajiana ny kolontsaina Malagasy ;
5. Fiantohana ny fanajana ny zon'ny mpamorona sy ny zo mifandraika amin'izany
6. Fiantohana ny fiarovana sy ny fikajiana ary ny fanomezan-danja ny harembako-pirenena na ny azo tsapain-tanana na ny tsy azo tsapain-tanana ;

TITRE II

DES OBJECTIFS ET DE LA RESPONSABILITÉ DES ACTEURS

CHAPITRE PREMIER

DES OBJECTIFS DE LA POLITIQUE CULTURELLE NATIONALE

Section première

Les objectifs globaux

Article 12.- La politique culturelle a pour objectif de garantir la sauvegarde du patrimoine culturel national et de professionnaliser le secteur des arts et de la culture afin de placer la culture au centre du développement socio-économique.

Article 13.- D'une manière globale, la Politique Culturelle Nationale veille à :

1. Promouvoir la culture afin que chaque citoyen malagasy soit un citoyen de référence, acteur efficace du développement, en lui inculquant les valeurs de l'engagement culturel, le sens du travail et de l'effort individuel, la dignité, l'intégrité, la fierté nationale et le patriotisme, et la créativité ;
2. Construire une société harmonieuse et créatrice de richesse avec des Malagasy fiers tant de leur unité que de leur diversité;
3. Promouvoir Madagascar en tant que phare culturel ;
4. Assurer autant que possible la compatibilité des projets d'investissement avec la sauvegarde, la protection et la conservation de la culture malagasy ;
5. Garantir le respect des droits d'auteurs et des droits voisins ;
6. Assurer la sauvegarde, la protection, la conservation, et la valorisation du patrimoine national tant matériel qu'immatériel ;

7. Fanamafisana ny ady amin'ny fanafarana sy fanondranana ary varotra an-tsokosoko ireo fananana sy harembakoka;
8. Fanatsarana sy fanondrotana ny lentan'ny famoronana sy famokarana ara-kolontsaina sy ara-javakanto ;
9. Fampiroboroana ny fikarohana ara-kolontsaina amin'ny taranja samihafa ;
10. Fanamafisana ny hetsika sy ny fifanakalozana haitao sy traikefa mifandraika amin'ny kolontsaina ;
11. Fanomezana tombon-dahiny ny teny malagasy eo anivon'ny fiarahamonina.

Sokajy 2

Ireo tanjona manokana

Andininy 14.- Ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia miantefa manokana amin'ny fanatontosana ireto hetsika manaraka ireto :

1. Ny fanomezan-danja amin'ny fifanakalozana ara-kolontsaina ;
2. Ny fandrafetana ny politika momba ny teny malagasy ;
3. Ny fanatsarana ny tontolon'ny famoronana ara-javakanto sy ny sehatrasa ara-kolontsaina mba hahamatihanina ny zavakanto sy ny kolontsaina ;
4. Ny fampiroboroana ny orinasa ara-kolontsaina sy ny asa famoronana ;
5. Ny fanabeazana ara-kolontsaina sy ny maha olompirenena ny tanora malagasy ;
6. Ny fanomanana ireo mpisehatra ara-kolontsaina amin'ny firotsahana amin'ny tontolo ara-kajimirindra ;
7. Ny fampirisihana ny fifanakalozana ara-kolontsaina amin'ny any ivelany mba hamantaran'ny hafa ny kolontsaina malagasy ;
8. Ny fanaparahana ny kolontsaina sy ny zavakanto manerana ny Nosy ;
9. Ny fikarohana ny fiavian'ny Malagasy sy ny teny malagasy ;
10. Ny fikajiana sy ny fanaparahana ny haitao nentim-paharazana milafika ao anatin'ny harembakoka malagasy.

7. Renforcer la lutte contre l'importation, l'exportation, et la vente illicite et des biens culturels et patrimoniaux;
8. Enrichir et élever le niveau de la création et de la production culturelle et artistique ;
9. Développer la recherche culturelle multidisciplinaire ;
10. Renforcer la coopération culturelle et l'échange des expériences culturelles ;
11. Favoriser la prééminence de la langue malagasy dans la société ;

Section 2

Les objectifs spécifiques

Article 14.- La Politique Culturelle Nationale vise, notamment, à concrétiser les actions suivantes :

1. La promotion des dialogues culturels ;
2. La mise en place d'une politique linguistique ;
3. L'amélioration des conditions de production artistique et de l'emploi dans le monde de la culture pour assurer la professionnalisation du secteur artistique et culturel ;
4. Le développement des industries culturelles et créatives ;
5. L'éducation culturelle et citoyenne de la jeunesse malagasy;
6. La préparation des acteurs culturels au développement du numérique;
7. L'encouragement des échanges culturels avec l'extérieur pour une meilleure visibilité de la culture malagasy ;
8. La diffusion des savoirs culturels et artistiques, sur le territoire ;
9. La recherche de l'origine historique, de l'installation des populations et des langues malagasy ;
10. La conservation et la vulgarisation des savoir-faire traditionnels, des techniques de production culturelle puisant leur inspiration dans le patrimoine malagasy.

TOKO II

ANDRAIKITRY NY MPISEHATRA AMIN'NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY KOLONTSAINA

Andininy 15.- Ny mpandray anjara amin'ny fitarihana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia ahitana, amin'ny ankapobeny :

1. Ny Minisitera misahana ny Kolontsaina miaraka amin'ireo rantsamangaikany isam-paritra ary ny antokon-draharaham-panjakana mifamatotra aminy no misolo tena ny Fanjakana foibe ;
2. Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
3. Ny vondron'olona ifotony ;
4. Ireo tsanganasa fanasoavam-bahoaka, ireo orindrahara, ary ireo fikambanana ;
5. Ny sehatra tsy miankina.

Andininy 16.- Ny mpandray anjara voatanisa eo ambony dia mitandro ny sahanasa ataon'izy ireo amin'ny sehatry ny kolontsaina mba hifanaraka amin'ny tanjon'ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina.

Ireo sahanasa ireo dia tokony tsy hifanohitra amin'ny fomba amam-panao sy ny toe-piaina mendrika ary ny soatoavina malagasy.

Sokajy voalohany

Ny Fanjakana foibe

Andininy 17.- Ny Fanjakana foibe izay soloin'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina tena no miandraikitra ny fanatanterahana, ny fandrindrana, ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ireo hetsika ara-kolontsaina mifanaraka amin'ny paikady voafaritry lalàna ity.

Andininy 18.- Ireo rantsamangaika isam-paritry ny Minisitera misahana ny Kolontsaina no manetsiketsika, mitarika ary mandrindra ny hetsika rehetra ara-kolontsaina ao anatin'ny faritra iadidiany.

Andininy 19.- Ireo antokon-draharaham-

CHAPITRE II

DES RÔLES DES INTERVENANTS DANS LA POLITIQUE CULTURELLE NATIONALE

Article 15.- Les intervenants dans la conduite de la Politique Culturelle Nationale regroupent, notamment :

1. L'État, représenté par le Ministère en charge de la Culture ainsi que ses services excentriques et les organismes qui lui sont rattachés ;
2. Les Collectivités Territoriales Décentralisées ;
3. Les communautés de base ;
4. Les fondations, organisations et associations ;
5. Le secteur privé.

Article 16.- Les intervenants cités à l'article précédent veillent à ce que leurs activités dans le domaine culturel soient cohérentes aux objectifs de la Politique Culturelle Nationale.

Lesdites activités ne doivent pas être contraires aux us et coutumes, aux bonnes mœurs et à la valeur malagasy.

Section première

L'État

Article 17.- L'État, représenté par le Ministère en charge de la Culture, est chargé de l'exécution, de la coordination, du suivi et de l'évaluation des actions culturelles conformément aux stratégies définies par la présente loi.

Article 18.- Les services excentriques du Ministère en charge de la Culture animent, pilotent et coordonnent les actions culturelles dans leur ressort territorial.

Article 19.- Les organismes rattachés au Ministère en charge de la Culture exécutent les missions spécifiques qui leur sont attribuées

panjakana mifamatotra amin'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina dia manatanteraka ny iraka manokana voafaritra hotanterahany araka ny sahanasa ao amin'ny rijan-teny nametraka azy sy ny paikady voafaritr'ity lalàna ity.

Sokajy 2

Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

Andininy 20.- Ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no miantoka, miaraka amin'ny Fanjakana foibe sy ireo sampan-draharaha teknika anapariaham-pahefana, ny fampiroboroboana sy fampandrosoana ny harena ara-kolontsaina sy ara-javakanto isam-paritra ary ny maha izy ara-kolontsaina amin'ny fari-piadiana iandraiketany.

Andininy 21.- Ireo Faritra no mandrafitra miaraka amin'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina ny fandaharanasa mahakasika ny hetsika ara-kolontsaina, amin'ny lafiny ara-toekarena sy ny fizahantany manerana ny faritra iandraiketany.

Andininy 22.- Amin'ny maha fahefam-panjakana manakaiky ny vahoaka azy, ireo Kaominina dia mandray anjara amin'ny fikajiana ny harembakoka sy manohana ireo hetsika ara-kolontsaina sy ara-javakanto.

Mihevitra hatrany ny lafiny ara-kolontsaina ny Kaominina amin'ny fanajariana ny tany sy ny tanàn-dehibe.

Andininy 23.- Ny Fokontany, izay rafi-panjakana eny ifotony, no mandrafitra ny saha iorenan'ny fifamatorana ara-kolontsaina sy ny fiarahamonina.

Izy no manelanelana eo amin'ny vondron'olona ifotony sy ireo fahefam-panjakana amin'ny vondrom-paritra.

Sokajy 3

Ny vondron'olona ifotony

Andininy 24.- Ny vondron'olona ifotony no mpiaro ny fomban-drazana, sy ireo fomba amam-panao ary ny soatoavina ara-kolontsaina malagasy; izy ireo no miantoka ny faharetan'izany.

conformément aux dispositions des textes les instituant et selon les procédures prévues par la présente loi.

Section 2

Les Collectivités Territoriales Décentralisées

Article 20.- Les Collectivités Territoriales Décentralisées assurent, avec le concours de l'Etat et des services techniques déconcentrés, la promotion et le développement des richesses culturelles et artistiques régionales ainsi que l'identité culturelle de leurs circonscriptions respectives.

Article 21.- Les Régions établissent, de concert avec le Ministère en charge de la Culture et ses services excentriques, les programmes relatifs aux actions culturelles, dans leur dimension économique et touristique, sur l'ensemble de leur ressort territorial.

Article 22.- Etant une autorité administrative de proximité, les communes contribuent à la conservation du patrimoine culturel et soutiennent les actions culturelles et artistiques.

Elles veillent à prendre en compte la dimension culturelle dans l'urbanisation et l'aménagement du territoire.

Article 23.- Le Fokontany, subdivision administrative de base, forme le cadre sur lequel la cohésion socioculturelle est assise.

Il constitue le relais entre les communautés de base et les autorités administratives territoriales.

Section 3

Les communautés de base

Article 24.- Les communautés de base sont identifiées comme étant une entité gardienne des traditions, des us et coutumes et de la valeur culturelle malagasy; elles en assurent la perpétuation.

Andininy 25.- Ho fanasongadinana ny mampiavaka azy ireo, ny vondron'olona ifotony no miantoka ny fampiroboroboana ny kolontsaina amin'ny alalan'ny fampahafantarana, fanentanana, fifanakalozana sy fifampizarana, fampitana ary famadihana izany ho tahirin-kevitra.

Sokajy 4

Ireo tsanganasa fanasoavam-bahoaka, ireo orindrahaha, ary ireo fikambanana

Andininy 26.- Ireo tsanganasa fanasoavam-bahoaka, ireo orindrahaha, ary ireo fikambanana tsy ankanavaka dia afaka mandray anjara amin'ny fampiharana ny Politikam-pirenana momba ny Kolontsaina, eny fa na dia tsy milaza mialoha izany aza ny sata mampijoro azy ireo.

Azon'izy ireo atao ihany koa ny miahly, ny manohana haikanto sy ireo hetsika ara-kolontsaina sy ara-javakanto.

Andininy 27.- Ireo tsanganasa fanasoavam-bahoaka, ireo orindrahaha, ary ireo fikambanana mifantoka manokana amin'ny kolontsaina dia anaovan'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina fanisana.

Ireo mpamory zavakanto tranainy sy ireo mpanangona rakitry ny ela dia tsy maintsy manao fanambarana momba ireo tahiriny amin'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina.

Sokajy 5

Ny sehatra tsy miankina

Andininy 28.- Ny sehatra tsy miankina dia afaka manampy ny mpandray anjara amin'ny fanatanterahana ny Politikam-pirenana momba ny Kolontsaina, na amin'ny fanaovana sonia fifanarahana maha mpiray ombona antoka amin'ny Fanjakana izany, na amin'ny fanomezana vola sy fampitaovana ary olona.

Azon'izy ireo atao ihany koa ny miahly, ny manohana haikanto sy ireo hetsika ara-kolontsaina sy ara-javakanto.

Article 25.- Afin de mettre en exergue l'expression de leurs spécificités, les communautés de base s'engagent dans la promotion de leur culture vernaculaire à travers des actions de sensibilisation, de partage et d'échange, de transmission, de documentation.

Section 4

Les fondations, organisations et associations

Article 26.- Les fondations, organisations et associations sans considération de leur origine peuvent participer à l'exécution de la Politique Culturelle Nationale même si leurs statuts ne le prévoient pas.

Elles peuvent également assurer le parrainage, le mécénat ou le sponsoring d'un événement culturel et artistique.

Article 27.- Les fondations, organisations et associations à caractère culturel font l'objet d'un recensement exhaustif par le Ministère en charge de la Culture.

Les antiquaires et les collectionneurs doivent faire une déclaration des objets en leur possession auprès du Ministère en charge de la Culture.

Section 5

Le secteur privé

Article 28.- Le secteur privé peut assister les intervenants dans l'exécution de la Politique Culturelle Nationale soit par la conclusion d'un contrat de partenariat public et privé soit par la mise à disposition des ressources financières, matérielles, et humaines.

Les entreprises du secteur privé peuvent également assurer le parrainage, le mécénat ou le sponsoring d'un événement culturel et artistique.

LOHATENY III

PAIKADY

Andininy 29.- Ny firafitry ny fandaharanasa ara-kolontsaina dia tanterahina araka ireto fepetra telo manaraka ireto :

1. Fanarenana ny fiarahamonina malagasy ;
2. Fanomezan-danja ny fifanentanana eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena ;
3. Fanorenana rafitra manome lanja ny fifanakalozana ara-kolontsaina, ny fifanajana mifampiako, ary ny fampiroboroboana ara-kolontsaina sy fiarahamonina miaty.

Andininy 30.- Ny tohana ho an'ny hetsika ara-kolontsaina dia tokony hivelatra amin'ny sehatra isan-karazany.

TOKO VOALOHANY

NY SAHOBY ARA-KOLONTSAINA

Andininy 31.- Ny sahoby ara-kolontsaina, eo ambany fitarihan'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina, dia karakaraina isaky ny vanimpotoana voafaritry mba hanehoana ireo endrika samihafa ananan'ny kolontsaina malagasy.

Ny sahoby ara-kolontsaina dia afaka atao nasionaly na isam-paritra.

Andininy 32.- Apetraka ny androm-pirenena ho an'ny kolontsaina.

TOKO II

NY FANOMEZAN-DANJA NY HAREMBAKOKA

Andininy 33.- Ny fiarovana sy ny fikajiana ny harembakoka dia mitaky ny fahatongavan-tsain'ny fahefam-panjakana isan'ambaratongany amin'ny fampanajana ny lalàna mifanaraka amin'izany.

Mba hahazoana antoka ny fiarovana mahomby ny harembakoka dia omena andraikitra bebe kokoa ny vondron'olona ifotony.

TITRE III

DES STRATÉGIES CULTURELLES

Article 29.- La structuration des programmes d'actions culturelles se fait autour de trois impératifs à savoir :

1. Réhabiliter la société malagasy ;
2. Favoriser la synergie entre l'État, le secteur privé et la société civile ;
3. Mettre en place un système favorisant le dialogue culturel, le respect mutuel, et le développement socioculturel inclusif.

Article 30.- L'appui aux actions culturelles doit s'élargir dans plusieurs secteurs.

CHAPITRE PREMIER

DU FESTIVAL CULTUREL

Article 31.- Un festival culturel, sous l'égide du Ministère en charge de la Culture, est périodiquement organisé pour mettre en évidence les différents aspects de la culture malagasy.

Ce festival peut être national ou régional, selon les cas.

Article 32.- Il est institué une journée nationale de la culture.

CHAPITRE II

DE LA VALORISATION DU PATRIMOINE CULTUREL

Article 33.- La protection et la conservation du patrimoine culturel requièrent toute l'attention des pouvoirs publics qui doivent y veiller par toutes les mesures légales appropriées.

Pour assurer une protection efficace des biens du patrimoine culturel, l'initiative des communautés de base est privilégiée.

Andininy 34.- Ny fanomezan-danja ny harembako-pirenena azo tsapain-tanana sy tsy azo tsapain-tanana dia midika fitantanana araka izay azo atao amin'ny fanajana ireo maha izy azy sy ny fahamarinana ara-tantara ananany.

Andininy 35.- Ny hetsika ara-barotra manodidina ireo harembako-pirenena dia tokony hifanentana amin'ny hasina ananan'ireo harembakoka ireo. Ny Minisitera misahana ny Kolontsaina no manome fahazoan-dalana hanatanterahana izany.

Andininy 36.- Ny toerana sy ireo fotodrafitrasa mahafeno ny masontsivana voafaritry ny andininy voalohany amin'ny hitsivolana laharana faha-82-029 tamin'ny 06 novambra 1982, nankatoavin'ny lalàna laharana faha-82-039 tamin'ny 09 desambra 1982 momba ny fiarovana, ny fitsimbinana ary ny fikajiana ny harem-pirenena dia anaovana fanisana feno.

Ireo toerana ireo dia arenina ka hatao fitaratra eo amin'ny tontolo iainana : fampiasana ny rafitra taloha, fitazonana ny taozavatra taloha amin'ny fampiasana fitaovana vaovao.

Ny fanoratana sy ny fanokanana azy ireo ho ao anatin'ny harembako-pirenena dia ampanarahana ny paikady voafaritra ao anatin'io hitsivolana io.

TOKO III

NY HETSIKY NY OLOMPIRENENA HO AN'NY SOA IOMBONANA NA "TAGNAMARO"

Andininy 37.- Ajoro ny hetsiky ny olompirenena antsoina hoe "*Tagnamaro*", sehatra ho an'ny olompirenena izay andraisan'ny tsirairay anjara amin'ny asa iombonana mifototra amin'ny fifanohanana sy ny valin-tanana ary ny firaisankina ho tombotsoan'ny fiarahamonina, ny kolontsaina, ny tontolo iainana.

Andininy 38.- Ny olompirenena tsirairay ao anatin'ny sehatrasa ara-panjakana, arak'asa, ny fampianarana, ny anjerimanontolo, fikambanana ary ny fokonolona dia entanina hampiana izany.

Andininy 39.- Ny Tagnamaro dia tanterahina tsy misy tambiny ary amin'ny andro iray tsy iasana isam-bolana.

Article 34.- La valorisation du patrimoine culturel national, matériel et immatériel implique leur gestion optimale dans le respect de leur intégrité matérielle et de leur authenticité historique.

Article 35.- Les activités commerciales aux alentours des biens classés « patrimoine national » doivent être compatibles avec la destination du bien. Elles sont soumises à une autorisation préalable délivrée par le Ministre en charge de la Culture.

Article 36.- Les sites et monuments répondant aux critères définis par l'article premier de l'ordonnance n°82-029 du 6 novembre 1982, ratifiée par la loi n°82-039 du 9 décembre 1982 relative à la sauvegarde, la protection et la conservation du patrimoine national font l'objet d'un recensement exhaustif.

Ces sites et monuments sont réhabilités en vue d'en faire des modèles écologiques : recours à des espèces autochtones, retravailler les techniques de conservation traditionnelle.

Leur inscription ou leur classement dans le patrimoine national est poursuivi conformément aux dispositions de cette ordonnance.

CHAPITRE III

DE L'ACTION COMMUNAUTAIRE DÉNOMMÉE TAGNAMARO

Article 37.- Il est institué une action communautaire dénommée "*Tagnamaro*" comme cadre de participation citoyenne par laquelle tout citoyen participe à une action collective d'utilité sociale, culturelle ou environnementale, le Tagnamaro est fondé sur le principe de l'entraide et de la solidarité.

Article 38.- Chaque citoyen au sein de son organisme institutionnel, professionnel, scolaire, universitaire, associatif et au sein du Fokonolona est convié à y participer.

Article 39.- Le Tagnamaro est exercé à titre gratuit et se tient un jour non ouvrable par mois.

TOKO IV

NY AMIN'NY POLITIKA MOMBA NY TENY MALAGASY

Andininy 40.- Ny Minisitara misahana ny Kolontsaina no mamolavola ny politika momba ny teny malagasy .

Andininy 41.- Ny politika momba ny teny malagasy dia manana tanjona hanamafy ny anjara toeran'ny teny malagasy, tenin-dreny ampiasain'ny malagasy rehetra ary tenim-pirenena eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Mba hanomezan-danja ny fanapariahana ny kolontsaina malagasy amin'ny sehatra iraisam-pirenena anefa, dia ilaina ny fifehezana ny teny vahiny.

Andininy 42.- Ny teny malagasy izay singa manan-danja amin'ny harembakoka sy fitaovana anatarana ny tanjon'ny fampandrosoana dia teny ifaneraserana sy anandratana ny kolontsaina ary anabeazana manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Araka izany, ny politikan'ny teny malagasy dia ahitana manokana ny:

1. Fanomezana vahana ny fifanakalozana eo amin'ireo fitenim-paritra malagasy mba ho fampitomboana ny herijika maha mpampiombona ny teny sy ny fahafahany maneho ny lafin-kevitra rehetra momba ny fiainana maoderina ;
2. Ny fanangonana ireo lovantsofina, ny fomba amam-panao ary ny fandraiketana izany ;
3. Ny fanamafisana ny fampiasana ny teny malagasy indrindra amin'ny sehatry ny Fanjakana, ny siansa, ny fanabeazana, ny zavakanto, ary ny haino aman-jery,....

Andininy 43.- Ho an'ny teny vahiny, ny Minisitara misahana ny Kolontsaina dia miantoka ny:

1. Fampiroboroana ny fiaraha-miombona antoka eo amin'ny tontolon'ny teny ;
2. Fanamafisana ny fandikan-teny miorina amin'ny fahamaroan-teny mba hahamora ny fifanakalozam-pahalalana, ireo ventin-

CHAPITRE IV

DE LA POLITIQUE LINGUISTIQUE

Article 40.- Le Ministère en charge de la Culture élabore la politique de la langue Malagasy.

Article 41.- La politique de la langue malagasy a pour objectif de consolider le rôle de la langue malagasy, langue maternelle de la quasi-totalité de la population et langue nationale de la République de Madagascar.

Toutefois, pour favoriser le rayonnement à l'extérieur de la culture malagasy, la maîtrise des langues étrangères s'avère nécessaire.

Article 42.- La langue malagasy, un élément primordial du patrimoine culturel et un outil essentiel dans la réalisation des objectifs de développement est la langue de communication, de promotion sociale et d'éducation sur tout le territoire de la République de Madagascar.

À cet effet, la politique de la langue malagasy comprend notamment :

1. La promotion des échanges entre les divers parlars malagasy en vue d'augmenter le potentiel unificateur de la langue et sa capacité d'exprimer tous les concepts de la vie moderne ;
2. La collecte des traditions orales, us et coutumes ainsi que leur enregistrement sur des supports durables ;
3. Le renforcement de l'utilisation de la langue notamment dans les domaines étatique, scientifique, pédagogique, artistique et médiatique.....

Article 43.- Pour les langues étrangères, le Ministère en charge de la Culture veille :

1. A la promotion des partenariats linguistiques ;
2. Au renforcement de la traduction multilingue pour faciliter la circulation des connaissances, des idées et des produits

kevitra ary ny vokatra ara-kolontsaina.

TOKO V

FAMORONANA ARA-JAVAKANTO SY ARA-KOLONTSAINA

Andininy 44.- Ny fampiroboroboana ny orinasa misahana ny fahaiza-mamorona ara-kolontsaina dia voafaritra ao anaty vondrona telo mazava tsara : ny orinasa ara-kolontsaina, ny teknolojian'ny torohay ary ny haino aman-jery.

Ny tekinolojian'ny torohay sy ny haino aman-jery, fanoitra ho amin'ny soatoavina izay mitazona anjara toerana lehibe amin'ny fanaparahana ny kolontsaina dia ho fehezin'ny lalàna momba ny serasera amin'ny haino aman-jery.

Andininy 45.- Mba hampiroboroboana ny orinasa ara-kolontsaina, ny Minisitery misahana ny Kolontsaina dia mametraka ny drafitrana fampandrosoana mahakasika izany.

Andininy 46.- Ny fanandratana ny famokarana zavakanto sy ny firosoana amin'ny maha matihanina amin'ny tontolo ara-javakanto sy ara-kolontsaina dia mitsinjara amina hetsika toy izao :

1. Fanatsarana ny tontolo manodidina ny zavakanto sy ny kolontsaina ;
2. Fananganana rafitra ahafahana mampiofana sy manapariaka ny zavakanto isam-paritra sy nasionaly mifototra amin'ny kolontsaina malagasy ;
3. Famoriana ireo angona na antontan-kevitra mahakasika ny harembakoka, ny vokatra ara-javakanto, ny mpanakanto sy ireo hetsika ara-kolontsaina, ireo matihanina amin'ny kolontsaina ;
4. Fanamorana ny fivezivezen'ireo vokatra ara-javakanto sy ara-kolontsaina ;
5. Fanamorana ny fahafaha-mihetsik'ireo mpamorona, mpanakanto, mpamokatra, mpandraharaha ara-kolontsaina sy aratserasera amin'ny fanohanana azy ireo amin'ny dingana atao ;
6. Fampiroboroboana ny foto-drafitrana ara-kolontsaina na sehatra fifanakalozana sy

culturels.

CHAPITRE V

DE LA CRÉATION ARTISTIQUE ET CULTURELLE

Article 44.- Le développement des industries culturelles et créatives regroupe trois champs d'activités à savoir : les industries culturelles proprement dites, les technologies de l'information, et l'audiovisuel.

Les technologies de l'information et de l'audiovisuel, vecteurs des valeurs culturelles occupant un rôle majeur dans la diffusion et la promotion de la culture, sont soumises à la législation sur la communication médiatisée.

Article 45.- Afin de promouvoir l'essor des industries culturelles, le Ministère en charge de la Culture élabore les politiques sectorielles y afférentes.

Article 46.- La promotion de la production artistique et la professionnalisation de l'environnement artistique et culturelle comportent, notamment, les actions suivantes :

1. L'amélioration de l'environnement culturel et artistique ;
2. La création de structures de formation et de diffusion artistique régionale et nationale basée sur la Culture malagasy ;
3. La création de banques de données et documents du patrimoine culturel, des œuvres artistiques, des artistes et des manifestations culturelles, des professionnels de la culture ;
4. La facilitation de la libre circulation nationale des œuvres artistiques et culturelles ;
5. La promotion de la mobilité nationale et internationale des créateurs, artistes, producteurs, opérateurs culturels et communicateurs en les soutenant dans leurs démarches ;
6. La promotion des infrastructures culturelles ou espaces d'expression et de

fanaovana fampisehoana ho an'ny mpanakanto ;

7. Fanatsarana ny fepetra fahafaha-miasa ho an'ny mpanakanto ;
8. Fametrahana fiahiana sy fiarovana ara-tsosialy ho an'ny mpanakanto sy ireo matihaninana ara-kolontsaina eo anivon'ny Tahirimpirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy na CNaPS ;
9. Fametrahana fikajian-ketra manokana ho an'ny mpanakanto ekena ho matihanina, itsinjovana azy amin'ny fiovaovan'ny fidiram-bolany.

TOKO VI

SINEMA SY SARIMIAINA

Andininy 47.- Ao anatin'ny fampiroboroana ny haino aman-jery, ny sinema, ny sarimiaina, ny lalao video, ny saripika, ny Minisitera misahana ny Kolontsaina dia :

1. Mamaritra ny paikadim-pamoronana sy fandaharana amin'ny fahitalavitra mamaly ny filàn'ny mpijery ao anatin'ny fandaharana manakaiky ny vahoaka (tantara mitohy, vaovao voafantina, sarimihetsika fohy). Izany rehetra izany dia mifototra amin'ny rafi-piaramonina sy kolontsaina eny ifotony ;
2. Manohana ny tetikasa mifandraika amin'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ;
3. Miantoka ny fampiroboroana sy fanomezan-danja ny maha izy ara-kolontsaina ary ny fahasamihafampitenenana sy fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ;
4. Manome tombon-dahiny ny soatoavina raketin'ny harembakoka mifandraika amin'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ;
5. Manome tombon-dahiny ny fitsinjarana sy ny fitrandrahana ny vokatra avy amin'ny sinema, haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ;

représentation pour les artistes ;

7. L'amélioration des conditions de travail des artistes ;
8. La mise en place d'un système de prévoyance et de protection sociales pour les artistes et les professionnels de la culture auprès de la Caisse Nationale de la Prévoyance Sociale ou CNaPS ;
9. La mise en place d'un régime fiscal spécifique pour les artistes reconnus professionnels compte tenu de la variabilité et de l'intermittence de leurs revenus.

CHAPITRE VI

CINÉMATOGRAPHIQUES ET IMAGERIES ANIMÉES

Article 47.- Dans le cadre du développement de l'audiovisuel, du Cinéma, de l'image animée, des jeux vidéo et de la photographie, le Ministère en charge de la Culture :

1. Définit une stratégie de production et de programmation télévisuelle répondant aux attentes des spectateurs en matière de programmation de proximité (séries, magazines, téléfilms) inspirée de contextes sociaux et culturels locaux ;
2. Soutient les projets relatifs au cinéma, l'audiovisuel, l'image animée et les jeux vidéo ;
3. Assure la promotion et la valorisation de l'identité culturelle et de la diversité de ses expressions à travers les œuvres cinématographiques, audiovisuelles, et les images animées ;
4. Favorise la mise en valeur du patrimoine cinématographique, audiovisuel, image animée et jeux vidéo ;
5. Favorise la distribution et l'exploitation des œuvres cinématographiques, audiovisuelles, d'images animées et de jeux vidéo ;

- | | |
|--|--|
| <ol style="list-style-type: none"> 6. Mampiroborobo ny tontolo arakajimirindra ; 7. Manamora ny fidiran'ny vokatra azo avy amin'ny sinema ao anaty tambajotran'ny sehatra fanaparahana ; 8. Mametraka paikady mifanaraka amin'ny filàn'ny mpamorona sy ny mpampiasa vola ; 9. Mandray anjara amin'ny fampivoarana ny toekarena sy fiarahamonina eto Madagasikara amin'ny fampahalalana, ny fanentanana, ary ny fanabeazana ny sarambagem-bahoaka amin'ny alalan'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ; 10. Mampiroborobo ny tetikasa mifandraika amin'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary, izay manome lanja sy mampivelatra ny maha izy ara-kolontsaina ary ny fahasamihafam-pitenenana sy fanehoan-kevitra ; 11. Mampirisika ny fifanakalozana haitao sy traikefa miaraka amin'ireo matihanina iraisam-pirenena ; 12. Miara-miasa amin'ireo rafitra ara-panjakana voakasika amin'ny fametrahana ny fiahiana ara-tsosialy, ny fanaovan-dalàna, fanarahamaso ny zon'ny mpamorona, ny zon'ny fanaparahana, sy ny zon'ny fitrandrahana ho an'ny matihanina amin'ny seha-pihariana voakasika ; 13. Mampirisika ny hetsika fanabeazana aratsary manerana ny Nosy ; 14. Manome tombon-dahiny amin'ny fandaharana asa manana tanjona amin'ny fampiroboroboana sy fanofanana ho matihanina ao anatin'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary 15. Manome tombon-dahiny ny fampiroboroboana ny asa momba ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary amin'ny fanomezana vahana ny paikady mampirisika fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina ; 16. Mametraka ary miantoka ny fanarahamaso ny marika fampitandremana ho an'ny zaza sy ny tanora, ny herisetra, ny fiboridanana amin'ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny | <ol style="list-style-type: none"> 6. Développe l'environnement numérique ; 7. Facilite l'accès des œuvres cinématographiques aux réseaux de diffusion médiatique ; 8. Met en place une stratégie favorable aux créateurs et aux investisseurs privés ; 9. Participe à l'essor socio-économique et culturel de Madagascar en s'impliquant dans l'information, la sensibilisation et l'éducation du grand public via le cinéma, l'audiovisuel, les jeux vidéo et l'image animée ; 10. Développe des projets relatifs à l'audiovisuel, au Cinéma, à l'image animée, aux jeux vidéo, à la photographie, au graphisme et à l'illustration qui assurent la promotion, la valorisation de l'identité culturelle et de la diversité de ses expressions ; 11. Encourage les échanges de compétences et d'expériences avec les producteurs professionnels internationaux ; 12. Collabore avec les institutions concernées pour la mise en place de couvertures sociales, de la régulation et le suivi des droits d'auteur, droits de diffusion et droit d'exploitation pour les professionnels des secteurs concernés ; 13. Encourage les actions d'éducation à l'image sur le territoire ; 14. Favorise la création et de programmes ayant pour objectifs la promotion et la formation professionnelle dans les domaines du cinéma, audiovisuel, image animée et jeux vidéo ; 15. Favorise le développement des activités cinématographiques et audiovisuelles en privilégiant leur collaboration ; 16. Met en place et assure le contrôle des signalétiques jeunesse, violence et nudité dans les œuvres cinématographique, audiovisuelle, |
|--|--|

sary ;

17. Mampahatsiahy amin'ny fampanarahandalàna sy ny fanaraha-maso ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary ny fanaparahana any anaty tambajotran-tserasera ;
18. Miara-midinika amin'ny fametrahana ny hetra mifandraika amin'ny asa famokarana eto an-toerana sy iraisam-pirenena ;
19. Mampahatsiahy ny fanajana ny fahalalahana eo amin'ny sehatry ny famoronana sy fitenenana ary ny fahafahan'ny vahoaka misafidy ihany koa amin'ny sehatry ny haino aman-jery sy ny tontolon'ny sary.

TOKO VII

BOKY SY VAKITENY HO AN'NY DAHOLOBE

Andininy 48.- Ny boky dia mitana anjara toerana stratejika amin'ny maha fitaovana manokana mitahiry ny fahalalana ho amin'ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-piarahamonina, ara-kolontsaina, ary ara-pinoana azy. Izany anjara asa miavaka tazoniny izany no miteraka akony amin'ny fanabeazana, amin'ny kolontsaina, amin'ny serasera, amin'ny fanofanana ara-teknika, amin'ny fikarohana, amin'ny fikajiana ny harembakoka.

Andininy 49.- Ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina amin'ny sehatry ny boky sy ny vakiteny ho an'ny daholobe, dia :

1. Miaro sy mampiroborobo ny famoronana ataon'ireo mpanoratra malagasy, amin'ny fiarovana ny zo ara-moraly sy ara-toekarena ;
2. Manatsara ireo fepetra amin'ny famoronana boky malagasy, mba hahafahan'ny Trano printy sy ny Trano fanontana mamaly tsara ny filàna ara-kolontsaina sy fanabeazana ho an'ny vahoaka malagasy, amin'ny fampifanarahana ny vidiny, ny lentany, ny hamaroany, ary ny fahasamihafany ;
3. Manohana ny fahafahanan'ireo boky momba/avy eto Madagasikara mivezivezy amin'ny alalan'ny fanafarana sy ny fanondranana ;
4. Miaro sy mampiroborobo ny tahirim-boky

image animée et jeux vidéo ;

17. Veille à la régularisation et au contrôle de l'audiovisuel, la communication, et de la diffusion sur le réseau ;
18. Contribue à la mise en place d'un mécanisme fiscal relatif aux productions locales et internationales ;
19. Veille au respect de la liberté de création et d'expression ainsi que la liberté de choix du public dans le domaine du cinéma, de l'audiovisuel, de l'image animée et des jeux vidéo.

CHAPITRE VII

DES LIVRES ET DE LA LECTURE PUBLIQUE

Article 48.- Les livres occupent une valeur stratégique en tant qu'instrument privilégié du savoir pour tout développement économique, social, culturel et spirituel du pays. En vertu de ce rôle essentiel, les livres influencent l'éducation, la culture, la communication, la formation technique, la recherche, et la conservation du patrimoine.

Article 49.- La Politique Culturelle Nationale, dans le domaine des livres et de la lecture publique, tend à :

1. Protéger et promouvoir la créativité des auteurs malagasy, par la protection de leurs droits moraux et économiques ;
2. Améliorer les conditions de production d'ouvrages malgaches, afin que le secteur de l'imprimerie et de l'édition sur tout support réponde mieux aux besoins culturels et éducatifs de l'ensemble du peuple malagasy, en termes de prix, quantité, qualité et variété ;
3. Soutenir la libre circulation du livre de/sur Madagascar, dans le sens de l'importation comme de l'exportation ;
4. Protéger et promouvoir le patrimoine

sy tahirin-kevitra fanadihadiana eto amin'ny firenena ;

5. Miaro sy mampita ny tahirin-tsoratra eto/na momba an'i Madagasikara amin'ny fananganana tahirin'angom-pirenena ho fananana voapetraka ara-dalàna azon'ny rehetra tsidihina ;
6. Mametraka ny tambajotram-pirenena mahakasika ny vakiteny ho an'ny daholobe ;
7. Mametraka tetikasa ho amin'ny findramambola ho fampiroboroboana ny sehatrasa fanontana, famoahana, fivarotana, fanaparahana ary fizarana boky ;
8. Mampiroborobo ny fahazarana mamaky boky, ho an'ny saramaben'ny Malagasy ;
9. Mampiroborobo ny torohay, ny fandalinana, ny dokam-barotra, ary ny fanentanana, manodidina ny boky sy ny mahakasika izany amin'ny alalan'ny haino aman-jery, ary ny fampisehoana eto an-toerana sy any ivelany ;
10. Manao ho matihanina, amin'ny fanabeazana sy fanofanana, ny mpiasa amin'ny sehatry ny fanontana, sy ireo fandraiketana miaraka ireo singa mandrafitra rehetra (mpanoratra, mpanao sary ; mpanonta boky, mpandika teny, mpanao printy, mpivaroboky, mpitana tranomboky ary ny mpamaky) ;
11. Manome torohay amin'ny fampanarahana ny toetr'andro ny fitaovana sy fotodrafitr'asan'ny trano fanontana ;
12. Ny famerenana ny fanontana ny boky tsy fahita firy intsony.

TOKO VIII

FANABEAZANA ARA-KOLONTSAINA SY ARA-JAVAKANTO

Andininy 50.- Mba hiantohana ny fanabeazana sy famohazana ara-kolontsaina sy ara-javakanto eo amin'ny tanora malagasy, ny Fanjakana amin'ny alalan'ny Minisitery misahana ny Kolontsaina dia mampiroborobo sy manao tantsoroka ho an'ny :

1. Fanamafisana anatin'ny fandaharam-pibeazana ny fanabeazana ara-kolontsaina

bibliographique et documentaire national ;

5. Protéger et communiquer le patrimoine écrit de/sur Madagascar par la constitution d'une banque de données nationale en un dépôt légal accessible ;
6. Mettre en place un réseau national de lecture publique ;
7. Adopter un système de crédit favorable à l'investissement dans le domaine de l'édition, de l'impression, de la vente, de la diffusion et de la distribution de livres ;
8. Promouvoir de véritables habitudes de lecture pour l'ensemble de la population malgache ;
9. Promouvoir l'information, l'analyse, la publicité et la sensibilisation autour du livre et des questions qui le concernent, par les médias et par des manifestations nationales et internationales ;
10. Professionnaliser, par l'éducation et la formation, les travailleurs du secteur malgache de l'édition sur tout support, en toutes ses composantes (auteurs, éditeurs, traducteurs, illustrateurs, imprimeurs, libraires, bibliothécaires) ;
11. Renforcer et moderniser la base matérielle et les infrastructures de l'édition ;
12. Rééditer les ouvrages rares.

CHAPITRE VIII

DE L'ÉDUCATION CULTURELLE ET ARTISTIQUE

Article 50.- En vue d'assurer l'éducation et l'éveil culturels et artistiques de la jeunesse malagasy, l'Etat Malagasy représenté par le Ministère en charge de la Culture promeut et appuie :

1. Le renforcement dans le programme scolaire d'un cours d'éducation culturelle

sy ara-javakanto ;

2. Fampidirana ao anaty fandaharam-pibeazana amin'ny dingana rehetra ny hairaha araka endrika amam-bika hanaitaitra ny masom-pamoronana ;
3. Famoronana sahanasa mifandraika amin'ny zavakanto ivelan'ny fampianarana eo anivon'ny sekoly ;
4. Famoronana ivotoeram-piofanana ara-kolontsaina sy ara-javakanto ho an'ny haisarikanto, ny haimaritrano, haikanto voakaly, sy ireo asa momba ny kolontsaina
5. Fanamafisana ny sehatra ifanakalozana ara-kolontsaina eo anivon'ny sekoly, ny toeram-piofanana ho an'ny mpiasam-panjakana, ny anjerimanontolo, ny foibe hiarenan'ny tanora nania, ny foibe fampiofanana ireo olona manana fahasembanana;
6. Famolavolana fandaharana momba ny kolontsaina ho an'ny daholobe amin'ny alalan'ny haino amna-jery ;
7. Fametrahana amin'ny toerany ireo taranjam-pibeazana ho olompirenena vanona sy tia kolontsaina ho an'ny ankizy tsy miditra an-tsekoly.

Andininy 51.- Ny fampiharana ity toko ity dia faritana miaraka amin'ny Minisitery misahana ny fanabeazam-pirenena, ny Minisitery misahana ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, ny Minisitery misahana ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

LOHATENY IV

FEPETRA SAMIHAFI SY FAMARANANA

TOKO VOALOHANY

FEPETRA SAMIHAFI

Andininy 52.- Ny rijan-teny rehetra manan-kery dia tsy maintsy ampifanarahana amin'ny andininy sy ny fepetra raketin'ity lalàna ity ao anatin'ny enimbolana aorian'ny famoahana hampanan-kery an'ity lalàna ity.

et artistique ;

2. L'intégration dans le programme scolaire à tous les niveaux des arts plastiques pour stimuler la créativité ;
4. La création d'activités parascolaires relatives à l'art ;
4. La création des centres de formation culturelle et artistique pour les beaux-arts, l'architecture, les arts appliqués, les professions et les métiers culturels ;
5. Le renforcement des espaces d'échanges culturels au sein des établissements scolaires, des établissements de formation des agents publics, des établissements universitaires, des centres d'insertion des jeunes délinquants, des centres d'éducation des handicapés ;
6. La mise en place de programmes pour la culture des masses à travers les médias ;
7. La mise en place des cours d'éducation citoyenne, civique et culturelle pour les enfants non scolarisés.

Article 51.- Les modalités d'application du présent chapitre sont fixées, de concert avec le Ministère en charge de l'Education Nationale, le Ministère en charge de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle, le Ministère en charge de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique par voie réglementaire.

TITRE IV

DISPOSITIONS DIVERSES ET FINALES

CHAPITRE PREMIER

DISPOSITIONS DIVERSES

Article 52.- Les textes réglementaires en vigueur doivent être mis en conformité avec les dispositions de la présente loi dans le délai de six mois à compter de la promulgation de la présente loi.

Andininy 53.- Ny rijan-tenin'ny didy aman-dalàna no hamaritra ny fombafomba fampiharana ity lalàna ity raha toa ka ilaina izany.

Andininy 54.- Amin'ny sehatra rehetra tsy voalazan'ity lalàna ity dia ny didy aman-dalàna manan-kery amin'izany no ampiarina.

TOKO II FEPETRA FAMARANANA

Andininy 55.- Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity indrindra ny lalàna laharana faha-2005-006 tamin'ny 22 aogositra 2005 mahakasika ny Politika momba ny Kolontsaina eto amin'ny firenena ho amin'ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena.

Andininy 56.- Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika*.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery eto Antananarivo, ny

Andry RAJOELINA

Article 53.- Des textes réglementaires détermineront, en tant que de besoins, les modalités d'application de la présente loi.

Article 54.- Dans toutes les matières qui ne sont pas régies par la présente loi, il est fait application des dispositions législatives et réglementaires en vigueur.

CHAPITRE II DISPOSITIONS FINALES

Article 55.- Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi, notamment, celles de la loi n°2005-006 du 22 aout 2005 portant Politique Culturelle Nationale pour un développement socio-économique.

Article 56.- La présente loi sera publiée au *Journal officiel de la République*.

Elle sera exécutée comme loi de l'État.

Promulguée à Antananarivo, le

Andry RAJOELINA

Vu pour être annexé au Décret n°2020-1527 du 18 novembre 2020 portant présentation au Parlement du projet de loi n°017/2020 du 18 novembre 2020 portant Politique Culturelle Nationale

Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

NTSAY Christian